

**A FAMARITANA SY TANJON'NY LALÀNA. Romana 3:19-20.**

- ❖ Inona no atao hoe lalàna? Ny lalàna dia ny Torah (ny Pentetioka ary, raha itarina dia, ny Testamenta Taloha).
- ❖ Inona no tanjon'ny lalàna?
  - Manambara ny ota sy ny mahameloka ny olombelona eo anatrehan'Andriamanitra.
  - Tsy misy na inona na inona amin'ny lalàna mety hanala ny fanamelohana sy ahatonga antsika ho marina eo anatrehan'Andriamanitra.
  - Mampiseho ny lalana ahazoana famelan-keloka (ohatra: ireo fomba fanatanterahana fanatitra tao amin'ny Fitoerana Masina).
  - Mampiseho ny toetran'Andriamanitra.

**B FAHAMARINAN'ANDRIAMANITRA. Romana 3:21-23. (jereo ny kisarisary amin'ny pejy manaraka)**

- ❖ Ny marina irery ihany—ireo izay mankato tanteraka ny lalàna—no afaka ekena eo anatrehan'ny fahamarinan'Andriamanitra.
  - Tsy misy na dia iray amintsika aza marina na afaka ny ho marina.
- ❖ Jesosy dia manana fiainana marina. Io fiainana io dia eken'Andriamanitra.
  - Rehefa manaiky am-pinoana ny fanatitra nataon'i Jesosy ny mpanota, dia eken'Andriamanitra ny fiainana tsy misy pentina ananan'i Jesosy fa tsy ny an'ilay mpanota. Amin'izay, dia ambara fa marina ilay mpanota.

**D HAMARININA AMIN'NY FAHASOAVANY. Romana 3:24.**

- ❖ Nohamarinina isika rehefa ambara fa marina eo anatrehan'Andriamanitra.
- ❖ Amin'ny alalan'ny fanavotana izay ao amin'ny fahafatesan'i Jesosy no fomba nataon'Andriamanitra hanambarana fa marina isika.
- ❖ Tsy misy na inona na inona ifandraisany amin'izay azontsika atao io fanambarana fa marina io; tsy mendrika izany isika. Raisintsika noho ny fahasoavana izany, fanomezana avy amin'Andriamanitra.


**E FANAVOTANA. Romana 3:25-27.**

- ❖ Tonga anelanelan'ny mpanota sy Andriamanitra toy izany Jesosy, koa dia tanteraka ny fahamarinan'Andriamanitra ary ekena noho ny finoany an'i Jesosy ny mpanota.
- ❖ Fahamarinana Andriamanitra, koa izany no fomba tokana ahazoana manatanteraka ny fahamarinan'Andriamanitra sy anekena ny mpanota nefa tsy mandika ny lalàna.

**F HAMARININA AMIN'NY FINOANA. Romana 3:28.**

- ❖ Tsy misy na inona na inona avy amin'ny asa ny fanamarinana, satria tsy misy na inona na inona azontsika atao hanamarinana antsika.
- ❖ Amin'ny alalan'ny finoana ny fanatim-panavotana nataon'i Kristy irery ihany no hanamarinana antsika.
- ❖ Manafaka antsika amin'ny fitandremana ny lalàna ve ny fanamarinana amin'ny finoana?
  - Sanatria; satria raha voavela heloka ny olona iray, ahoana indray no mbola hanohizany manota hatrany?

**LAVINA:** Tsy mahatanteraka ny fahamarinana izay takian'Andriamanitra ny mpanota (Mankato ny lalàna).



**EKENA:** Ny fahamarinan'i Jesosy dia ekena fa tsy ny an'ilay mpanota.